**Lohatenin'ny fandaharan'asa: "d.light Clean Energy Access Programme - Africa"**

**Lohatenin'ny sampan-tetikasa: "d.light Clean Energy Access Programme - Madagascar"**

**Famintinana tsy ara-teknika**

## Mikasika ny Fandaharan'asa

Ny fandaharan'asa **(PoA)** ("Programme of Activities") dia fandraisana andraikitra an-tsitrapo ataon'ny d.light momba ny fanapariahana jiro mandeha amin'ny herin'ny masoandro na "solar lighting systems" (SLS) tafiditra ao anatin'ireo tanjona momba ny fanapariahana hazavana any amin'ny firenena afrikana maro. Ireo tokantrano lasibatra amin'ny tetikasa dia ireo izay teo aloha niankina tamin'ny solika voajanahary (kerosène) ho fampandehanana jiro ao an-tranony.

d.light dia voalohany maneran-tany amin'ny famatsiana fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro (SLS) ho an'ireo olona tsy manana herinaratra azo antoka. Izy ireo no hiantoka fa afaka hanjifa an'ireo fitaovana voalaza ireo ny lasibatra rehetra voakasika ity fandaharan'asa ity. Ny famarotana ny vokatra, izay vokatra avy amin'ny angovo madio (CEP) ("Clean Energy Product") raha oharina amin'ny vokatra fampiasa ankehitriny, dia hanampy amin'ny fampihenana ny famoahana entona mandoto miteraka fiakaran'ny maripana. Ny SLS dia hanome fahafahana hahazo fahazavana amin'ny vidiny mirary, amin'ny alalan'ny fanoloana ireo jiro solitany nentim-paharazana, ka hahafahana manajanona ny fampiasana solitany sy mampiato ny famoahana entona mandoto mifandray amin'izany. Hisy vokany ara-tontolo iainana maromaro ihany koa ny fandaharan'asa, toy ny fampihenana ny fandotoana rivotra ao an-trano izay hisy fiantraikany tsara amin'ny fahasalamam-bahoaka.

Ny fakan-kevitra momba ny famolavolana dia hatao misaraka isaky ny firenena tafiditra ao anatin'ny fandaharan'asa. Ity antontan-taratasy ity dia miompana manokana amin'i Madagasikara.

## Antsipirian'ny fandaharan'asa

- Mpiandraikitra- d.light
- Faharetan'ny fandaharan'asa – Tsy hihoatra ny 20 taona ny faharetan'ny

fandaharan’asa

- Tsy hisy fanisana avo roa heny - Ny jiro mandeha amin’ny herin’ny masoandro zaraina ao anatin’ny fandaharan’asa dia hisy marika manokana avy (serial number), izay hanome antoka fa tsy hisy fanisana indroa amin’ireo tetikasa/ fandaharan'asa hafa ampiharina ao amin’ny faritra mitovy
- Ny fandaharan’asa (PoA) dia hampiditra tetikasa madinika miankina amin'ny rafitra lehibe na tetikasa iray.
- Ny fandaharan’asa (PoA) dia hanaraka tanteraka ny fitsipika fiarovana napetraky ny Gold Standard ho an'ny Tanjona Iraisam-pirenena (GS4GG).

### Tombontsoa avy amin’ny Fandaharan’asa:



**Mampihena ny fampiasana angovo:** Ny SLS dia mahomby kokoa amin’ny fampiasana angovo raha oharina amin’ny jiro solitany.



**Manaja ny tontolo iainana:** Ny SLS dia miaro ny tontolo iainana ary mampihena betsaka ny famoahana entona mandoto vokatry ny fandoroana solika voajanahary amin’ny jiro solitany.



**Fanabeazana:** Ny SLS dia manampy amin'ny fanatsarana ny fanabeazana amin'ny alàlan'ny famatsiana hazavana azo itokisana ho an'ny ankizy, ka ahafahan’izy ireo mianatra ela kokoa sy amin’ny toe-javatra tsara lavitra.



**Tsy misy setroka:** Ny SLS dia hampihena betsaka ny haavon’ny fandotoan-drivotra anaty trano (IAP) vokatry ny fandoroana solitany, ka hanampy amin’ny fanatsarana ny fahasalamana eo anivon’ny fiarahamonina.

### Famaritana ny Tetikasa

Ao anatin’ny fandaharan’asa (PoA), d.light dia hampiditra Sampan-tetika na “Voluntary Project Activity” (VPA). Tanjon’ny VPA ny hamatsy fitaovana mandeha amin’ny herin’ny masoandro ho an'ny tokantrano eto Madagasikara. Ny VPA dia mikendry ny tokantrano miankina amin'ny jiro solika voajanahary amin'izao fotoana izao ho an'ny famatsiana hazavana ny tranony. Ny fifantenana ara teknôlôjia amin'ny ambaratongam-pikambana VPA dia hifototra amin'ny toetra fototra toy ny: hazavana, faharetana, ary fahazoan-dàlana. Ny VPA no hanome antoka fa ny SLS voafantina dia azo idirana ho

an'ny mpampiasa farany rehetra ao anatin'ity VPA ity. Ny SLS dia hanome tombontsoa maro amin'ny tontolo iainana, anisan'izany ny fihenan'ny fandotoana ao anatin'ny trano (IAP), ka hanana vokatra tsara eo amin'ny fahasalamam-bahoaka.

## Antsipirian’ny Fandaharan’asa


- Faritra ara-jeografika- Faritra ara-politika an’i Madagasikara
- Mpiandraikitra - d.light
- Tsy hisy fanisana avo roa heny - Ny jiro mandeha amin’ny herin’ny masoandro zaraina ao anatin’ny VPA dia hisy marika manokana avy (serial number), izay hanome antoka fa tsy hisy fanisana indroa amin’ireo tetikasa/programa hafa ampiharina ao amin’ny faritra mitovy
- Ny VPA dia ho tetikasa madinika
- Ny VPA dia hanaraka tanteraka ny fitsipika fiarovana napetraky ny Gold Standard ho an'ny Tanjona Iraisam-pirenena (GS4GG).
- Ireo olona mpisitraka tombontsoa maniry handray anjara amin’ny tetikasa dia tokony hanao sonia amin’ny taratasy famindrana zo amin’ny karbônina.
- d.light dia mikasa hanampy VPA fanampiny amin’ny alalan’ny fivoriana fakan-kevitra iarahan’ny mpandray anjara.

## Fandraisana anjara amin'ny Tanjona Fampandrosoana Maharitra




Sary 1: Famintinana ny tombontsoa amin’ireo Tanjona Fampandrosoana Maharitra (SDG) ao anatin’ny tetikasa

## Fitsipika fiarovana




Sary 2: Sarin-dalana manazava ny fanombanana ny tetikasa manoloana ireo fitsipika fiarovana isan-karazany napetraky ny GS4GG

## Famaritana ny Teknolojia

Ny tetikasa dia mikasika ny famarotana fitaovana mandeha amin'ny herin'ny masoandro (SLS) ho an'ny tokantrano. Ireto avy ny antsipirian'ireo teknolojia ho tafiditra ao anatin'ny programa (saingy tsy voafetra amin'ireo ihany)

1. d.light X2000
   Solar Panel: 80 W
   Brightness: 1400 lumen
   No of lights: 5
   Warranty: 2 years

2. d.light X1000
   Solar Panel: 40 W
   Brightness: 1400 lumen
   No of lights: 5
   Warranty: 2 years

3. d.light D100
   Solar Panel: 9 W
   Brightness: 440 lumen
   No of lights: 3
   Warranty: 2 years

4. d.light D150
   Solar Panel: 10 W
   Brightness: 360 lumen
   No of lights: 3
   Warranty: 2 years



**Rafitra Fanomezana Vahaolana amin'ny Fitoriana**

Ny ekipan'ny d.light dia hanangana rafitra ofisialy handraisana hevitra, fanehoan-kevitra, sy fitarainana mikasika ny tetikasa. Ity rafitra ity dia ahitana ny fampahafantarana ny adiresy sy laharana an-taroby azon'ny olona iantsoana mivantana na andefasana fanehoan-kevitra momba ny programa. Misy ny adiresy mailaka ny programa izay natokana ho an'ireo mpandray anjara te-hanolotra ny heviny momba ny tetikasa.

Amin'ny ambaratonga ifotony, dia hisy boky manokana natokana ho an'ny fandraisana fanehoan-kevitra sy fitarainana izay hapetraka amin'ny toerana ifanarahana sy azon'ny mponina eo an-toerana idirana mora foana.

Manana sampana mihoatra ny 100 manerana an'i Madagasikara ny d.light, ka azon'ny mpandray anjara tsidihina hanoratana sy hanomezana fitarainana. Ankoatra izay, manana laharana maimaim-poana sy adiresy mailaka ihany koa ny d.light izay ahafahan'ny olona mandefa fitarainana.

Laharana an-taroby : 0800-200-133 (MTN) or 0800-300-133 (Airtel)

Mailaka: info@dlight.com

***Ho an'ny Fanehoan-kevitra / Soso-kevitra***

Raha misy fanontaniana na mila fampahalalana fanampiny momba ny fandaharana, manasa anao hifandray amin'ny olona sy adiresy voatondro eto ambany:

**d.light**
**Edwin Maingi**
**edwin.maingi@dlight.com**

## Famintinana ny Hevitra Nohangonina

Toy izao ny famintinana ny hevitra sy fanehoan-kevitra azo avy amin'ireo mpiara-miombon'antoka nandritra ny fihaonana mivantana :

- Hanana fiantraikany tsara amin'ny tokantrano manana fidiram-bola ambany eto Madagasikara ny tetikasa.
- Mila apetraka ao anatin'ny tetikasa ny rafitra hentitra sy mazava amin'ny famahana olana na fitarainana.
- Tokony hapetraka eny amin'ny biraon'ny kaominina na eny amin'ny biraon'ny fokontany (ho an'ireo tanàna lavitra ny kaominina) na eny amin'ny toerana fivarotana HERi ny boky fitahirizana fitarainana.
- Tokony ampiasaina na asina vata fanolorana soso-kevitra eny amin'ny biraon'ny kaominina mba hiantohana ny tsiambaratelo.
- Tokony asina fomba fandraisana fitarainana ho an'ireo olona manana fahasahiranana amin'ny famankian-teny na fanoratana eto Madagasikara.

- Mila hazavaina tsara amin'ireo mpiara-miombon'antoka ny momba ny famindrana ny karbônina rehefa mizara ny vokatra.

d.light dia maneho fisaorana feno ho an'ireo mpiara-miombon'antoka rehetra tamin'ny fandraisana anjara mavitrika sy ny fanehoan-kevitra sarobidy nandritra ny fivoriana. d.light dia hiantoka, miaraka amin'ny ekipa eto an-toerana (HERi), fa ho raisina araka ny tokony ho izy ireo fanehoan-kevitra voalaza etsy ambony ireo mandritra ny fanatanterahana ny tetikasa. Araka izany, tsy hisy ny fanovana ny endriky ny tetikasa raha ireo fanehoan-kevitra voaray ireo.

Raha toa ka mbola misy hevitra fanampiny momba ny tetikasa avy amin'ny mpiara-miombon'antoka, dia angatahana izy ireo mba hameno ny taratasy fanehoan-kevitra ampiarahana amin'ity taratasy ity.